

NY FAMANTARAN'NY MESIA



Ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny. Andriamanitra malala, rehefa mandre an'izany hira izany izahay hoe, "Akaiky Jesosy, ka azo atao ny zavatra rehetra," dia mampiantanentana ny fonay ny mahafantatra fa mihoatra noho ny hira iray izany. Izany no Fahamarinana. Eto Ianao. Tompo, mino aho fa Ianao dia tao ambadiky ny tabernakla tao vao teo mihitsy, ihany koa; ilay reny kely izay nihazona an'ilay zaza kely, tena kotsa, tao anatin'ny orana; ary ilay lehilahy tanora izay niantso ho an'ny malalany, tany amin'ny hopitaly lavitra tany, teo am-pahafatesana. Henoy ny vavakay, Tompo. Misy vahoaka izay nipetraka tato amin'ity fiangonana ity nandritry ny andro manontolo, hatramin'ny enina ora aninkeo maraina. Miandry ny hahita Anaosy ireo, Tompo. Efa nandre anay niresaka izy ireo androany fa nitsangana tamin'ny maty Ianao. Ary Ianao no ilay Jesosy tsy miova mbola velona foana izao hariva izao, taorian'ny sivilinjato sy arivo taona. Mbola Jesosy foana Ianao. Ary mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hanasitrananao ny olona marary rehetra izay ao amin'ny Fanatrehana Masina. Enga anie tsy hisy olona malemy eto afovoanay rehefa mifarana ity fotoana ity. Asehoy anay fotsiny, Tompo, fa eto Ianao.

² Mieritreritra lehilahy roa izahay tamin'io marainan'ny Paska io, izay kivy, tsy isalasalana. Fa maro eto no kivy izao hariva izao, marary ka tsy mety ho salama, nandao azy ireo ny dokotera. Ary raha nandroso teny amin'ny lalany izy ireo, dia nisy Vahiny iray Izay nivoaka ka niresaka tamin'izy ireo, niresaka ny amin'ny Soratra, tamin'ny sisa tamin'ny andro. Ary tamin'ny hariva, rehefa namory azy ireo tao amin'ny efitra Izy ka nanakatona ny varavarana, dia nanao zavatra iray Izy. Nataony izany tahaka ny Nanaovany azy talohan'ny fanohomboana, ka fantatr'izy ireo fa io ilay Tompo izay nitsangana. Nanjavona teo imason'izy ireo Izy. Nihazakazaka haingana izy ireo, niverina niteny tamin'ireo hafa hoe, "Nitsangana tamin'ny maty Izy."

³ Andriamanitra, mivavaka izahay mba ho tonga eto afovoanay Izy izao hariva izao ka hanao an'ireo zavatra izay Nataony talohan'ny Fanohomboany. Tsinontsinona Aminy ireo sivilinjato sy arivo taona; Mandrakizay Izy. Ary enga anie ho maro eto no hihazakazaka haingana any an-trano izao hariva izao, hiteny amin'ny vady vaviny, ny vady lahiny, ireo malalany, ireo mpiara-monina aminy hoe, "Velona Izy! Niseho tamiko Izy androany hariva! Nanasitrana ny aretiko Izy! Ho salama aho ankehitriny." Ekeo izany, Ray. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena. (Afaka mipetraka ianareo.)

⁴ Miala tsiny aho fa farim-peo, saingy tena sahirana tamin'ny firesahana aho, fanaovana batisa; tratry ny sery, eo am-

panombohana, hatramin'ny niverenako avy tany Florida sy tany amin'ireo nosy. Tsy maintsy hiainga aho ankehitriny amin'ny maraina, ho any California, ho an'ireo fivoriana lehibe saiky iray volana. Noho izany dia nanontany an-dRahalahy Neville aho raha afaka hiresaka ho ahy izy izao hariva izao, ary azoko antoka fa nandre hafatra nahafinaritra iray ianareo. Nankasitrahantsika ny fotoana aninkeo maraina avy tamin-dRahalahy Neville. Ary matoky isika fa hanohy homba azy sy ity fiangonana ity Andriamanitra, raha mbola mitandrina eto foana izy.

⁵ Ankehitriny dia vao avy nihaona tamin'i Billy aho tao ivelany tao, ary nandona ahy kely teo amin'ny valahana izy, ka hoy izy hoe, “Dada, mitsangana ny olona eto, ary ny sasany tamin'izy ireo dia efa teto nandritry ny andro manontolo.”

⁶ Hoy aho hoe, “Eny, faly aho fa efa akaikin'ny farany ireo fivoriantika, noho izany dia tsy voatery hitsangana ianareo.” Ary avy ny orana. Ary rehefa niditra tao amin'ny tranobe aho, dia nivoaka ny fiara ny mpivady kely tao ivelany tao, niaraka tamin'ny zaza kely marary iray. Tena kotsa izy ireo. Tsy afaka niditra teo amin'ny varavarana akory aza izy. Fa azo antoka tahaka ny itsanganako eto, dia efa nanasitrana an'io zazakely io teo no ho eo mihitsy Andriamanitra. Marina izany. Toy ny ahoana no Amaliany vavaka!

⁷ Ary ankehitriny rehefa avy nitory isika androany, ary aninkeo maraina aho dia nitory teo amin'ny lohahevitra dimy: *Velona, Maty, Nalevina, Nitsangana, Miverina.*

Velona, nitia ahy Izy. Maty, namonjy ahy Izy.

Nalevina, nitondra ny otako lavitra Izy.

Nitsangana, nanamarina maimaim-poana mandrakizay Izy.

Indray andro any dia hiverina Izy, oh, andro be voninahitra!

Mipetraka isika, miandry izao hariva izao, miandry ny Fisehoany.

⁸ Nahoana isika no mifanizina ato? Nahoana ny olona no tonga hihaino ny Filazantsara? Kanefa, ao amin'ny Fahatsorany, dia Izy no fitarihana lehibe indrindra izay hany nananan'izao tontolo izao. Hoy Jesosy hoe, “Raha hasandratra Aho, dia hitarika ny olona rehetra ho eo Amiko Aho.” Ankehitriny ilay zavatra dia, ity fivavahana izay resahantsika ity, tena misy ve izy? Ny Fahamarinana ve izy? Raha izy no Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia afaka mino ny Teny rehetra izay nolazain'ny Baiboly isika. Raha tsy izy no Fahamarinana, dia tsy tokony hisy hidirantsika aminy, tokony hanohy ao amin'ny fahotantsika fotsiny isika; mihinana, misotro, satria rahampitso dia ho faty isika. Saingy tena mankasitraka aho ny mahafantatra fa Ity izay resahantsika ity dia ny Fahamarinana! Ary izy

irery ihany no fivavahana eto amin'izao tontolo izao . . . Kanefa, fahefatra ao amin'ny fanisana, kanefa dia izy irery ihany no fivavahana eto amin'izao tontolo izao izay nahafahan'ilay Mpanorina ho faty sy nitsangana indray, ary velona izao hariva izao.

⁹ Nahita tao amin'ny gazety aho, teto tao amin'ny gazetiny tanàna indray andro, izay nampisehoan'izy ireo olona iray, Bouddha iray, efa nitsangana. Maro aminareo no nahita an'izany tao amin'ny gazety. Nampiseho olona iray izy ireo izay Bouddha kely iray izay teraka tahaka ny nahaterahan'i Bouddha mihitsy; mazava ho azy, tsy nanao fahagagana izy, saingy ny fampianarany sy ny sisa dia tahaka an'i Bouddha mihitsy. Raha nanana olona iray teny amin'ny saha i Bouddha, izay sandoka iray; dia nanana ny Fanahy Masina teny amin'ny saha Andriamanitra, ilay tena Fanahin'Andriamanitra.

¹⁰ Ankehitriny, miresaka ny amin'ireo zavatra mahafinaritra ireo isika, saingy hiasa ve izany? Ny Masina ve . . . Hamela ny fahotan'ny olona iray ve ny Fanahy Masina? Hanasitrana ny aretiny ve Izy? Izany tokoa, hanao Izy. Andriamanitra Izy, mandrakizay. Ankehitriny, raha afaka isika . . . Raha ho tonga eto afovoantsika Jesosy ka hanaporofa ny Tenany, hoe velona Izy, eto anivontsika izao hariva izao, dia tokony hanao ny tsirairay avy amintsika hino ny teny fikasana rehetra izay Nataony ao anatin'ny Baiboly izany.

¹¹ Misy olona ve eto izay tsy mbola tao amin'ny iray tamin'ireo fivoriko mihitsy tany aloha? Aoka ho hitanay ny tananareo, tsy mbola tao amin'ny fivoriana mihitsy tany aloha. Jereo fotsiny, saiky ny antsasaky ny vahoaka!

¹² Tsy mpanasitrana aho. Izaho dia tsy mino—tsy mino fa misy olona iray izay mpanasitrana. Jesosy Kristy no Mpanasitrana.

¹³ Ary Izy no nilaza, fony Izy teto an-tany teto, fa Andriamanitra no Mpanasitrana. Ankehitriny, fony Izy teto an-tany teto, dia tsy nihambo ho Mpanasitrana iray Izy, saingy Nasehony tamin'ny olona ny Famantarana Mesianikany, ary io famantarana Mesianika io dia ny mahafantatra ny tsiambaratelon'ny fon'izy ireo. Firy no mahafantatra fa marina izany?

¹⁴ Rehefa niteny tamin'i Petera Izy, rehefa tonga teo Anatrehany izy, hoe iza no anarany, iza no anaran'ny rainy; dia tahaka an'izany no ninoan'i Petera, niaraka tamin'ny finoana tahaka an'izany, hany ka nomen'i Jesosy azy ireo fanalahidin'ny Fanjakana, taty aoriana, ka nametraka azy hifehy ny Fiangonana.

¹⁵ Rehefa nahita an'i Natanaela teo ambanin'ny hazo i Filipino, dia niteny taminy hoe, "Avia ka jereo hoe Iza no hitako, Jesosy avy any Nazareta, ilay zanak'i Josefa."

16 Ary hoy io mpivavaka mahatoky io hoe, “Mety hisy zavatra tsara ve mivoaka avy ao Nazareta?”

17 Nomeny azy ilay valiny tsara indrindra izay azon’ny olona omena. Hoy izy hoe, “Avia dia jereo. Aza mitsikera fotsiny an’izany. Avia, ny tenanao mihitsy no mijery.”

18 Ary vantany vao tonga niaraka tamin’i Natanaela i Filipino, dia hoy Jesosy taminy hoe, “Indro ny Isiraelita, izay tsy misy fitaka ao aminy!”

Hoy izy hoe, “Oviana no Nahafantaranao ahy, Raby?”

Hoy Izy hoe, “Talohan’ny niantsoan’i Filipino anao, dia efa nahita anao teo ambanin’ny hazo Aho.”

Hoy izy hoe, “Ianao no Zanak’Andriamanitra, ny Mpanjakan’ny Isiraely.”

19 Noteneniny tamin’ily vehivavy teo amin’ny fantsakana izay tao am-pony. Ireo zavatra ireo no nanaporofa fa Izy no Mesia. Ary raha nitsangana tamin’ny maty io Mesia io androany, ka nanao ny fanaovam-panavotana, ary nanasitrana ny aretintsika sy namela ny fahotantsika, amin’izay fotoana izay ny zavatra tokana izay Azony atao dia ny maneho an’io famantarana io indray, hoe mbola velona foana Izy hanao ny teny fikasana rehetra izay Nataony, ho tsara. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena. Marina izany.”—Mpand.] Ndao isika hino an’izany ankehitriny raha mivavaka isika.

20 Tompo, miandry ny olona. Teny iray avy Aminao dia hihoatra noho izay azon-dRahalahy Neville na izaho ho lazaina amin’ny androm-piainana maro. Teny iray fotsiny. Ankehitriny, dia misy antsasak’ity mpanatrika ity no mbola tsy nahita an’ireo fivoriana mihitsy tany aloha. Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny Lanitra sy ny tany, iraho ho ato amin’ity efitra ity ny Herin’i Jesosy Kristy, ilay Anankiray nitsangana, ny Fanahy Masina izay tonga tamin’ny Pentekosta, ka enga anie Izy tena hanosotra ny olona. Enga anie aho ho afaka, na dia ao anatin’izao farim-peo izao aza, hanolotra ny tenako manontolo mihitsy ho an’Ny Fanahiny, mba Ahafahany hiteny amin’ny alàlan’izao feo simba izay atolotro Azy izao, hijery amin’ny alàlan’ireto maso izay atolotro Azy ireto, mba haneho an’ireo famantarana sy ireo zavatra izay hanao ny olona hahita fa nitsangana tamin’ny maty Izy. Ary rehefa mahita an’izany ny olona, dia enga anie ny mpanatrika manontolo hamihina ny teny fikasana rehetra izay Nataony. Raha nanota izy ireo, dia enga anie izy ireo hamihina Azy nohon’ny famelàna. Raha manana aretina izy ireo, dia enga anie izy ireo hahafantatra fa tamin’ny Dian-kapony no nahasitrana anay. Ekeo izany, Tompo. Mangataka an’izany amin’ny Anaran’i Jesosy izahay. Amena.

21 Ankehitriny no fampisehoan-kery lehibe. Eto anatrehan’ny olona roa na telonjato, dia tsotra ilay izy. Rehefa, mitsangana eo anatrehan’ny dimy hetsy ianareo, antsasaky ny iray tapitrisa,

dia zavatra mitovy no miseho. Andriamanitra Izy. Firy ato no marary ankehitriny ka te-hivavahana, atsangano ny tanaanareo. Hitanareo, saiky ny antsasakareo, na mihoatra. Tsy afaka mitondra azy rehetra ireo hiakatra eto aho. Heveriko... Tsy maintsy hanontany an'i Billy indray aho. Hanontany azy raha nizara karatra fangataham-bavaka izy. Ankehitriny, efa—efa nataony ve izany? [Hoy ny olona iray hoe, “Eny.”—Mpand.] Eny àry. Eny àry.

²² Tamin'ny Alahady lasa na ny fotoana farany izay naha-teto ahy, dia tsy nizara karatra fangataham-bavaka izy ireo, ka nanontany fotsiny aho hoe, “Firy ny olona eto izay tsy mbola tao amin'ny fivoriana mihitsy tany aloha?” Maro no nanangana ny tånany, izay tsy mbola tao amin'ny fivoriana mihitsy. Raha mbola nitsangana niaraka tamin'ny tånany nitsangana izy ireo, dia nandeha nanodidina ny Fanahy Masina miteny tamin'izy ireo hoe iza izy ireo ary inona no aretin'izy ireo, sy inona no niseho; ary nanasitrana ny olona tanteraka tokoa, hany ka nanjavona ireo fivontosana sy ny sisa, hany ka tsy azo notanterahina ireo fandidiana. Firy no teto nahita an'izany herinandro vitsy lasa fotsiny izay?

²³ Raha nizara karatra fangataham-bavaka izy, amin'izay fotoana izay dia hiantso izahay. Izany dia manome ny olona eto an-toerana, sy ny olona tsy eto an-toerana; ireo olona izay efa tao amin'ny fivoriana, ireo olona izay tsy mbola tao; hiditra ao amin'ny laharam-bavaka. Tsy afaka maka azy rehetra ireo hiakatra eto indray mandeha izahay. Hitondra azy ireo moramora fotsiny arak'izay vitanay izahay.

²⁴ Ary tiako ianareo ho mahitsy fo amin'Andriamanitra. Aoka hahitsy fo amin'ny tenanareo. Ary raha ho tonga eto afovoantsika Jesosy Kristy ka hanatanteraka sy hanao fotsiny an'izay Nataony fony Izy teto an-tany teto, nandeha tany Galilia, dia tokony hanaiky Azy ianareo ho an'ny zavatra rehetra izay ilainareo. Tsy voatery hiakatra eto amin'ny lampihazo ianareo. Mandinika ny finoana Izy. Hisy olona sasany eto izay marary eo amin'ny mpanatrika eo, izay tsy manana karatra fangataham-bavaka iray akory aza, ho sitrana izy ireo na ahoana na ahoana. Firy no marary nefa tsy manana karatra fangataham-bavaka iray? Atsangano ny tanaanareo. Eny, tsy nisy betsaka ny karatra fangataham-bavaka nozaraina raha izany, hitanareo. Eny àry, minoa fotsiny ianareo. Mijere fotsiny mankaty.

²⁵ Mamelà ahy haneho aminareo an'izay nataon'i Jesosy fony Izy teto an-tany teto. Nisy vehivavy iray, indray mandeha, nanatona Azy. Ary tsy afaka niditra tao amin'ilay vahoaka betsaka izy. Tsy nanana karatra fangataham-bavaka izy, saingy nikasika ny sisin'ny Akanjony, satria hoy izy tao am-pony hoe, “Fantatro fa miteny ny Fahamarinana io Lehilahy io. Raha afaka mikasika ny Akanjony aho, dia ho salama.” Dia nikasika ny

Akanjony izy, niditra tao amin'ilay mpanatrika izay goavana lavitra noho ity angamba.

Nitodika Jesosy, ka nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?"

²⁶ Niteny mafy Azy mihitsy aza i Petera, ka nanao hoe, "Nahoana Ianao no nanontany zavatra tahaka an'izany, nefa ny rehetra dia miezaka hikasika Anao?"

Hoy Izy hoe, "Saingy Hitako fa miha-malemy Aho."

²⁷ Ireo fahitana no mahatonga ny fahalemena. Tsy afaka manao ianareo, mandeha lavitra loatra ao amin'izy ireny. Ary nilaza Izy, nijery nanodidina teo amin'ilay mpanatrika mandra-Pahitany an'ilay vehivavy, ka niteny tamin'ny fa efa tratry ny fitsiha-drà izy, ka ny finoany no nanao azy ho salama.

²⁸ Firy no mahafantatra an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny Baiboly no nilaza fa, "Jesosy Kristy androany no Mpisoronabe izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika." Marina ve izany? ["Amena."] Eny, raha Izy no Mpisoronabe, ka afaka ny hokasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika, dia tsy hihetsika tahaka ny Nataony tamin'izany ve Izy, raha Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay?

²⁹ Noho izany ianareo izay tsy manana karatra fangataham-bavaka, mijere mankaty, ka lazao ao am-ponareo hoe, "Tompo, mino amin'ny foko rehetra aho, ary mino aho fa hanasitrana ahy Ianao. Koa avelao aho hikasika ny Akanjonao. Ary mitenena Ianao amin'ny alàlan-dRahalahy Branham ka teneno aminy, tahaka ny Nataonao tamin'ilay vehivavy fotsiny, ary hino Anao aho." Hahitsy fo tahaka an'izany ve ianareo, ka hino an'Andriamanitra amin'ny fonareo rehetra?

³⁰ Nilaza i Billy Paul, nilaza minitra vitsy lasa izay, nitsangana teto, fa naka raki-pitiavana iray ho ahy ianareo. Tsy tiako hitranga izany. Izany dia... Saingy, misaotra anareo, fotsiny ihany. Ilaiko izany ankehitriny ho an'ny diako mankany California. Hampiasaiko ho an'ny Filazantsara izany.

³¹ Ireo rakitra kely izay omenareo ahy ireny, fantatrarao ve izay mitranga amin'izy ireny? Nandeha tany Puerto Rico sy Jamaica aho herinandro vitsy lasa izay, izay nanoratan'izy ireo niova fo efatra alina tao anatin'ny hariva sivy. Inona no nanao an'izany? Ny ampahafolon-karenanareo. Rehefa lasa aho, ilay ben'ny tanànan'ny... nitsangana ny mpitsaran'ilay nosy, hoy izy hoe, "Mandray an'ireo evanjelista izahay tonga eto ary maka rakitra be, ary vola be no vidiny. Saingy," hoy izy, "rehefa tonga Rahalahy Branham, dia tsy nangataka vola iraimbilanja akory aza izy, tsy nangataka taminay mihitsy handoa ny faktioran'ny hoteliny. Ary izy no nandoa ny saran-dàlany manokana, nandroso sy niverina." Inona no nanao an'izany? Ny volanareo. Te-hanana antoka aho fa marina no andaniako azy. Noho izany, eo amin'ny Hazo Fitsarana, rehefa mitsangana eo

anatrehanareo sy Andriamanitra aho, tsy maintsy hanao tatitra ho an'izany, dia natao tsara ilay izy. Nalaiko ho an'ny tenako izany, raha mbola afaka handeha foana aho, hanaovana ny tsara indrindra izay vitako ho an'ny Voninahiny.

³² Ankehitriny dia tsy afaka hitondra ny karatra fangataham-bavaka rehetra hiakatra indray mandeha izahay, noho izany dia hakariko fotsiny izy ireo, vitsy fotsiny isaky ny mandeha.

³³ Iza no manana ny karatra fangataham-bavaka iray? Hanangana ny tãnanao ve ianao raha afaka mitsangana. Iry amin'ny farany aoriana iry, ramatoa mainty hoditra iray izany. Tongava avy hatrany manketo, ramatoa. Tadiavo ny lãlanao ka tongava eto amin'ny ilan'ny lampihazo eto. Ankehitriny iza no manana ny karatra fangataham-bavaka roa? Raha afaka mitsangana ianao, dia atsangano ny tãnanao, karatra fangataham-bavaka nomerao roa. Ramatoa fotsy hoditra iray eto. Eny àry, ramatoa, miakara avy hatrany ka araho io ramatoa mainty hoditra eto io, eto mihitsy. Ankehitriny dia ento manodidina amin'*itsy* lãlana itsy izy ireo, Doc, vantany vao feno ity eto ity.

³⁴ Karatra fangataham-bavaka, nomerao telo, hanangana ny tãnanao ve ianao raha afaka. Ilay lehilahy mihaja eto mihitsy, tompoko. Nomerao efatra, hanangana ny tãnanao ve ianao. Eny àry, ramatoa, eto mihitsy. Nomerao dimy, hanangana ny tãnanao ve ianao. Ity olona tanora eto ity mihitsy. Hatreto, dia vahiny amiko ny tsirairay avy amin'izy ireo. Nomerao enina, hanangana ny tãnanao ve ianao, nomerao enina. Efa niantso ny nomerao dimy ve aho, nomerao dimy? Ary nomerao enina, vahiny iray amiko ihany koa. Nomerao fito, hanangana ny tãnanao ve ianao. Atsangano ny tãnanao, izay manana ny nomerao fito. Eny àry, mino aho fa fantatro io olona io. Izaho—mino aho fa fantatro izy. Nomerao valo, hanangana ny tãnanao ve ianao raha afaka. Ramatoa iray eto. Eny àry, nomerao sivy. Eny àry, ramatoa. Nomerao folo. Eny àry, nomerao folo, ilay ramatoa.

³⁵ Misy fahadisoana any ho any. Nomerao firy ity lehilahy eto ity? Hisy olona iray hijery ve, ny sasany amin'ireo mpampiditr'olona tongava eto ka jereo. [Hoy ny olona iray hoe, "Efatra amby valopolo izy."—Mpand.] Efatra amby valopolo. Ny nomerao folo no nantsoiko arak'izany, misaotra anao, nomerao folo. Fa ho tonga eo aminao izahay na ahoana na ahoana. Mety tsara izany. Jereo, fantatro ny nomeraonao ankehitriny. Izany dia efatra amby valopolo, sa tsy izany, milaza ianao hoe efatra amby valopolo na zavatra tahaka an'izany? Eny àry, miandrasa eo fotsiny ianao. Minoa fotsiny. Teneniko aminao, raha tsy mampiasa an'iny karatra iny ianao, karatra fangataham-bavaka, dia mijere mankaty ary minoa an'Andriamanitra, dia jereo raha hamaly vavaka anao Andriamanitra. Eny àry.

³⁶ Nomerao, folo ve ilay izy? Iraika ambin'ny folo. Eny àry, roa ambin'ny folo. Ankehitriny, raha tsy afaka mitsangana ianao, izao fotsiny. . . Nomerao roa ambin'ny folo. Telo ambin'ny folo, nomerao telo ambin'ny folo, iry aoriana iry. Efatra ambin'ny folo, nomerao efatra ambin'ny folo, iry aoriana lavitra iry. Nomerao dimy ambin'ny folo.

³⁷ Mizara hatraiza hatraiza izy ireo. Ireo zazalahy izay mizara azy ireny, dia milaza fotsiny hoe, “Iza no mila karatra fangataham-bavaka iray, atsangano ny tãnanareo.” Alain'izy ireo izy ireny ka afangarony izy rehetra, tsy misy olona mahafantatra hoe iza no mahazo ny iza. Ary tahaka an'izany fotsiny na anomezan'izy ireo azy ireny.

³⁸ Nomerao efatra ambin'ny folo. Nomerao dimy ambin'ny folo, iza no manana ny karatra fangataham-bavaka dimy ambin'ny folo, nomerao dimy ambin'ny folo? Nomerao enina ambin'ny folo, iry amin'ny farany aoriana iry. Nomerao fito ambin'ny folo. Ankehitriny, raha ato amin'ny tranobe ny nomerao enina ambin'ny folo na mitsangana eo amin'ny làlantsara, dia manaova làlana ho an'ny tenaao eto. Nomerao. . . Miala tsiny aho, tsy nahita ny tãnanao mihitsy aho, ranabavy, teo amin'io. Ianao ve no enina ambin'ny folo? Eny àry. . . [Hoy ilay anabavy hoe, “Fito ambin'ny folo.”—Mpand.] Fito ambin'ny folo. Valo ambin'ny folo, sivy ambin'ny folo, nomerao sivy ambin'ny folo. Roapolo, nomerao roapolo, ilay lehilahy eto. Eny àry. Eny àry.

³⁹ Ankehitriny dia mino aho fa lasa eo amin'ilay làlantsara eto mihitsy isika ankehitriny, noho izany isika dia. . . [Hoy ny olona iray hoe, “Ampy izay.”—Mpand.] Ahoana hoe? [“Ampy izay.”] Ampy izay ho an'ny fotoana. Eny àry. Eny, mijere mankaty ary minoa. Eny àry.

Ndao jerentsika, raha ilay mpitendry piano, miadana sy moramora, *Minoa Fotsiny*, tena miadana mihitsy.

⁴⁰ Ny ankamaroan'ny olona eto amin'ny làlantsara eto dia vahiny amiko. Tsy mahafantatra anareo aho. Ankehitriny dia misy sasany ato izay mbola manana karatra fangataham-bavaka, ny sasany angamba tsy manana karatra fangataham-bavaka. Angamba afaka miantso sasantsasany amboniny isika ao amin'ny laharam-bavaka afaka minitra vitsy fotsiny, vantany vao milamina io làlantsara io.

⁴¹ Mino aho fa itsy lehilahy mihaja etsy itsy, Doc, dia tonga avy taoriana tao, voaantso izy, enina ambin'ny folo na fito. . . enina ambin'ny folo. Eny àry, tongava eo avy hatrany ary raiso ny toeranao, tompoko.

⁴² Ankehitriny, raha tsy voaantso ianareo, dia tsy misy idiran'izany amin'io, hitanareo, jereo fotsiny dia minoa.

⁴³ [Hoy ny olona iray hoe, “Mbola misy ny *dimy ambin'ny folo* banga, ihany koa.”—Mpand.] Banga ny nomerao dimy ambin'ny folo. Angamba tsy afaka mitsangana ilay olona. Raha tsy afaka

mitsangana ianao. . . . Aoka ny olona iray hijery an'ily karatra fangataham-bavak'ily olona hafa, angamba marenina izy ka tsy afaka mandre. Raha eto izy ireo, dimy ambin'ny folo, dia asaina ianao handray ny toeranao ao amin'ily laharana. Raha nivoaka izy ireo ka hiverina afaka minitra vitsy, dia apetraho ao amin'ily laharana fotsiny izy ireo araka ny niantsoana ny nomerany.

⁴⁴ Rehefa mahavita an'ily laharana eto isika, dia hiantso vitsivitsy amboniny, raha toy ny hoe tsy manosotra ny tranobe ny Fanahy Masina, ny olona, mba ahafahan'izy ireo ho sitrana.

⁴⁵ Ankehitriny, izao no fotoana lehibe indrindra, izao no fotoana izay misy ny hoe niteny ny Fahamarinana ve aho sa niteny lainga iray. Izao no fotoana izay anaporofoina fa nitsangana tamin'ny maty ve Jesosy Kristy, sa tsy nitsangana tamin'ny maty Izy. Izao no fotoana hoe Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, na tsy Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Izao no tsy maintsy Anaporofoiny ho ny Mpanasitrana, sa tsy Izy no Mpanasitrana. Ary raha misy olona te-haka ny toerako, hivavaka ho an'ny marary, dia asaina ianareo ho tonga ka haka ny toerako.

⁴⁶ Firy aminareo ao amin'ny laharam-bavaka eto, raha mijery eto ianareo, izay ao amin'ny laharam-bavaka ankehitriny, no tsy mahafantatra ahy, ary ianareo dia mahafantatra fa tsy mahafantatra anareo aho na inona na inona mikasika anareo, atsangano ny tananareo.

⁴⁷ Ao amin'ny mpanatrika, izay mahafantatra fa tsy mahafantatra na inona na inona mikasika anareo aho, atsangano ny tananareo (kanefa marary ianareo) ao amin'ny mpanatrika. Hitanareo, eo ianareo izao.

⁴⁸ Ankehitriny dia inona no hataon'Andriamanitra? Ity ny Soratra, eto ny Fanahin'Andriamanitra, ankehitriny dia hety ve izany? Raha afaka manolotra ny tenako ho an'ny Fanahy Masina aho, dia hety izany. Ary tsy hety izany ho ahy raha tsy manolotra ny tenanareo ho an'ny Fanahy Masina ianareo, "Fa asa mahery maro no tsy azon'i Jesosy natao tao amin'ny Taniny Manokana, nohon'ny tsi-finoan'izy ireo."

⁴⁹ Ankehitriny dia minoa amin'ny fonareo rehetra, aoka ho tena hanaja arak'izay vitanareo. Mijoroa tsara, diniho. Raha manao zavatra iray ny Fanahy Masina, amin'izay fotoana izay dia mifalia, amin'izay fotoana izay dia minoa.

⁵⁰ Ankehitriny, Tompo, izay rehetra anananay, izay rehetra maha-izy anay. . . . Nitsangana izy ireo hany ka mivonkin'ozatra ny ranjony, nipetraka izy ireo hany ka saiky vonona ny ho torana izy ireo. Ankehitriny, Tompo, aoka ho fantatra fa Ianao no Andriamanitra. Ary niantso an'ity mpanatrika ity miaraka aho, tamin'ny Baikonao. Ary mitsangana eto aho, tsy ny ho hita, na tsy miezaka ny hihetsika goavana na hanao zavatra hafa, fa izany dia satria iraka iray nampanaovin'ny Anjely iray ahy izany,

ary nohamarinin’Ny Teninao. Aoka ho fantatra izao hariva izao fa Ianao no Jesosy Kristy, ilay Zanak’Andriamanitra, izay nitsangana tamin’ny maty; ary velona ao amin’Ny Fiangonanao Ianao, ao amin’ny Olonao, mba hanatanteraka sy hanao an’ily asam-panompoana iray ihany izay Nanananao fony Ianao teto tao amin’ny vatan’ny nofo. Ekeo izany, Tompo. Ary hidera Anao izahay, amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy. Amena.

⁵¹ Ankehitriny dia aiza i Billy Paul, ato amin’ny tranobe ve izy? Lasa ve izy? Na, olona iray no tokony ho tonga eto mba haka an’ireto karatra fangataham-bavaka ireto, hitanareo. Avia, Rahalahy...?..Ilay vehivavy dia manana ny karatra fangataham-bavaka eny an-tànany. Omeo azy fotsiny izany, hitanao.

Aoka ho tena manaja ankehitriny.

⁵² Ankehitriny ity ramatoa eto ity, araka ny fantatro, dia tena vahiny iray amiko tokoa. Ary eto dia famerenana tanteraka iray an’ny Soratra, olona roa ary zòm-pirenena roa samihafa.

⁵³ Tonga teo amin’ny fantsakana iray Jesosy indray andro, ao amin’ny Masindahy Jaona 4, ary nihaona tamin’ny vehivavy iray an’ny Samaria. Ary niresaka taminy vetivety Izy, mandra-Pahitany hoe inona ny olany. Ary niteny taminy ny olany Izy. Ary, rehefa niteny Izy, dia fantany fa tsy maintsy ny Mesia izany. Firy no mahafantatra an’izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Tsaroanareo ve ny resak’izy ireo? Hoy Izy hoe, “Ravehivavy, itondray Aho ho sotroina.” Inona no Nataony? Nifandray tamin’ny fanahiny.

⁵⁴ Dia hoy izy hoe, “Lalina ny fantsakana, nefa Ianao tsy manana na inona na inona hisintonana. Tsy fanao Aminao, Jiosy iray, ny mangataka an’izany amin’ny Samaritana.”

⁵⁵ Hoy Izy hoe, “Saingy raha fantatrao hoe Iza no miresaka aminao, dia ianao no hangataka rano Amiko.”

⁵⁶ Ary nitohy tahaka an’izany ilay fifampiresahana mandra-Pahitany hoe inona ny olany. Firy no mahafantatra hoe inona ny olany? Niaina tao anatin’ny fijangajangana izy. Noho izany dia hoy Izy hoe, “Mandehana alaivo ny vadinao dia tongava eto.”

Hoy izy hoe, “Tsy manana vady aho.”

⁵⁷ Hoy Izy, “Marina izany. Efa nanana dimy ianao, ary ilay anankiray izay iarahanao miaina ankehitriny dia tsy vadinao.”

⁵⁸ Ankehitriny dia henoy izay nolazainy. Hoy izy hoe, “Tompoko, hitako fa Mpaminany iray Ianao. Fantatray fa rehefa tonga ny Mesia dia Izy no hiteny aminay an’ireo zavatra ireo. Ny Mesia, ny famantaran’ny Mesia, Izy no hanao an’izany rehefa tonga Izy; satria Izy dia Andriamanitra-Mpaminany, ilay Mpaminany, izay noresahan’i Mosesy.” Hoy izy, “Fantatray fa ny Mesia no hanao an’izany rehefa tonga Izy, fa Iza Ianao?”

Hoy Izy hoe, “Izaho izay miresaka aminao no Izy.”

⁵⁹ Dia nihazakazaka nankany an-tanàna izy ka niteny tamin'ny olona hoe, “Avia, hijery Lehilahy iray Izay niteny tamiko an'ireo zavatra izay nataoko. Tsy izao ve no Mesia?”

⁶⁰ Ary eto dia mitsangana ny vehivavy Etiopiana iray manoloana lehilahy Anglo-Saxon iray, fotoana voalohany ihaonana eo amin'ny fiainana; izay antsointsika hoe vehivavy mainty hoditra iray, lehilahy fotsy hoditra. Rehefa tonga ilay fanontaniana tany, tao amin'ilay fanavakavahana, teo anatrehan'i Jesosy, dia Nampahafantariny azy ireo haingana mihitsy hoe: tsy misy fahasamihafana eo amin'ny lokon'ny olona. Avy amin'ny hazo anankiray isika rehetra, Adama sy Eva. Marina tokoa. Ireo firenena izay ipetrahantsika, izany no nanova ny lokontsika; tsy misy nidiran'izany amin'io. Maty ho an'ny olombelona rehetra Andriamanitra: ny olona fotsy, ny olona mainty, ny olona mavo, ny olona volontany, ny olona mena, sy ny rehetra. Famoronan'Andriamanitra izy rehetra.

⁶¹ Fa mitsangana eto ilay ramatoa ho an'ny zavatra iray. Angamba mpino iray izy, angamba tsy mpino izy. Angamba mpanota iray izy. Mety ho masina iray izy. Mety marary izy, mety tsy marary. Mety mila izy; olana ara-bola. Mety mitsangana ho an'ny olon-kafa iray izy. Tsy fantatro. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho, ary tsy manana hevitra mihitsy an'izay maha-eto azy na inona na inona. Ary fantatr'ilay ramatoa izany. Marina ve izany, ramatoa? [Hoy ilay anabavy hoe, “Eny, tompoko.”—Mpand.] Raha marina izany, dia atsangano ny tãnanao mba ahafahan'ny olona hahita. Atsangano fotsiny ny tãnanao mba ahafahan'ny olona. . . . Atsangano fotsiny ny tãnanao. Ity no fihaonanay voalohany. Ankehitriny raha ny Tompo Jesosy no . . .

⁶² Raha marary izy, dia tsy afaka hanasitrana azy tahaka ny tsy ahafahako manasitrana anareo. Fa raha—raha eto Jesosy dia tsy afaka hanasitrana azy Izy, satria efa Nataony izany rehefa maty teo Kalvary Izy. Fa afaka hanao zavatra iray Izy mba hanaporofa fa mbola Izy no Jesosy tsy miova, ary hino an'izany izy, dia ho sitrana. Ary amin'ny fotoana iray ihany izay hahasitrana azy, no hahasitrana anareo, ihany koa, raha hino an'izany ianareo. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Marina izany.”—Mpand.] Ankehitriny, enga anie hanaiky an'izany ny Tompo. Miandry ny hosotry ny Fanahy Masina aho, mazava ho azy.

⁶³ Ary ankehitriny, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, no andraisako ny fanahy rehetra ato ho eo ambanin'ny fifehezako, ho an'ny voninahitr'Andriamanitra.

⁶⁴ Ankehitriny, ramatoa, tiako hijery ahy vetivety fotsiny ianao. Tiako ianao hino amin'ny fonao rehetra. Ary izaho dia tsy manana hevitra ny amin'izay maha-eto anao, iza ianao, velively mihitsy. Fa Andriamanitra no mahafantatra ny rehetra mikasika

anao. Fa raha hiteny amiko Andriamanitra hoe ho an'ny inona no maha-eto anao, amin'izay fotoana izay dia hino ve ianao fa Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, dia eto hanao ary hihetsika tahaka ny Nataony fony Izy teto an-tany teto?

⁶⁵ Hino ve ny mpanatrika, hiray saina? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

⁶⁶ Ankehitriny eto izahay, voapetraka ilay sehatra. Samy manangana ny tanaanay izahay roa, hoe samy vahiny izahay. Ny Fanahy Masina izay nanoratra ny Baiboly, no nilaza fa izao zavatra izao no hitranga amin'izao andro izao, hoe nitsangana tamin'ny maty Jesosy ka hitohy izao zavatra izao, hitohy ny Asam-panompoany, ary amin'izao andro farany izao dia ho tahaka an'izay Nampanantenainy azy marina tokoa an'izay haha-izy azy izany. Ankehitriny marina ve izany?

⁶⁷ Ilay ramatoa, satria mikorontan-tsaina izy, mazava ho azy, mikosokosoka ny tanaanay izy satria mahatsapa ho hafahafa izy amin'izao fotoana izao. Tsy hoe satria mitsangana eto akaikiko izy; anadahiny aho, izany tsy hanao azy hahatsapa tahaka an'izany. Fa izy dia—mahatsapa-tena izy fa misy zavatra miseho. Ary hitanao ve io sary miaraka amin'io Hazavana eo amboniny eo io, ranabavy? Io no manao anao hahatsapa tahaka an'izany. Io ilay Anjelin'ny Tompo, eo amboninao mihitsy Izany ankehitriny. Ary eto ianao mba hivavahako ho anao, [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] ho an'ny aretin-damosina izy ijalianao. ["Marina izany."] Marina izany, atsangano ny tanaanao.

⁶⁸ Ankehitriny dia mino ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo, mampahafantatra, ny tsiambaratelon'ny fo. Tahaka ny Nolazainy fotsiny hoe, "Manana vady dimy ianao."

⁶⁹ Milaza ianareo ankehitriny, ireo vao tonga, mety hilaza ianareo hoe, "Naminavina an'izany Rahalahy Branham."

⁷⁰ Ndao jerentsika raha naminavina Izany. Mino aho fa nilaza Izy fa tratry ny aretin-damosina ianao. Marina ve izany? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Izany ve no fahamarinana? ["Eny, tompoko!"] Ary ianao, ianao dia efa nahazo fandidiana iray, ihany koa, ary vao avy nivoaka ny hopitaly ianao. Ary, mba ahafantaranao fa mpanompon'Andriamanitra aho, dia mipetraka ery aoriana ery ny vadinao. ["Eny, tompoko, marina izany."] Ary izy dia tratry ny aretina, ihany koa. Raha afaka miteny aminao aho hoe inona no aretin'ny vadinao, dia hino ve ianao? ["Eny, tompoko."] Tratry ny aretina ao amin'ny valahany sy ny lamosiny izy. Marina ve izany? Atsangano ny tanaanao. Hiteny zavatra hafa aminao aho. Mahita lehilahy tanora iray aho, zanakao lahy, mipetraka ery aoriana ery, ihany koa. ["Marina izany."] Marina. Ary manana karazana krizy ny zanakao lahy. ["Eny, tompoko."] Marina izany. ["Eny, marina izany. Misaotra Anao, Jesosy."] Rtoa. Stovall no anaranao. Izany

no anaranao, Rtoa. Stovall. ["Eny."] Mandehana mody, namaly ny vavakao Jesosy Kristy! Afaka mahazo an'izay nangatahanao ianao, amin'ny Anaran'i Jesosy.

⁷¹ Ankehitriny dia minoa fotsiny! Ianareo vahoaka izay vahoaka mainty hoditra, minoa amin'ny fonareo rehetra ankehitriny. Fantatrareo ve fa Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, dia nitsangana tamin'ny maty? Izany No Fanahiny izay manao anareo hahatsapa tahaka an'izany.

⁷² Ankehitriny dia indro ny vehivavy fotsy hoditra iray. Tsy mahafantatra azy aho, tsy manana hevitra hoe iza izy, inona izy, na—na ho an'ny inona no maha-eto azy. Raha marina izany, dia atsangano ny tananao. Ankehitriny dia mino ve ianao? Raha Andriamanitra no, afaka hanambara ny fony, tahaka ny Nataony tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana mihitsy, tahaka ny Nataony tamin'ilay vehivavy mainty hoditra, dia vahoaka fotsy hoditra firy no hino raha Nataony izany? Eto, izaho sy ity vehivavy ity, samy mitsangana ny tananay roa, izao no fihaonanay voalohany.

⁷³ Milaza zavatra anankiray aho, tsy avy eto amin'ny manodidina eto ilay ramatoa. Avy any atsinanana ianao, avy tany andrefana ianao rehefa tonga teto. Marina izany. Avy any Ohio ianao, ary ilay tanàna dia Dayton. Marina izany. Ary ny maha-eto anao, dia satria tratry ny fahalemena ianao. Ary tratry ny aretin'ny fikorontanan-tsaina ianao, satria tsy mety matory ianao. Maka karazana fanafody iray ianao ho an'izany. Izy ireo dia miantso anao hoe "Dixie," marina izany, Mason. Marina izany. Mandehana miverina, hatry ianao ankehitriny, manomboka androany hariva. Jesosy Kristy no manao anao ho salama. Mandehana amin'ny Anaran'ny Tompo.

⁷⁴ Raha mety mino ianao! Ankehitriny ianareo ao amin'ny mpanatrika eo, raha mbola eto ny hosotry ny Fanahy Masina, dia minoa, ianareo tsy manana karatra fangataham-bavaka.

⁷⁵ Ahoana ny amin'ilay lehilahy antitra izay nitsangana teto vao teo, izay, tsy afaka. . . tsy afaka niditra tao amin'ny laharana, nahazo nomerao diso izy, aiza no misy azy? Ianao, mitsangàna. Mino an'i Jesosy Kristy ho ny Zanak'Andriamanitra ve ianao? Mino ahy ho ny Mpaminaniny ve ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Eny àry. Tratry ny aretina ao amin'ny avokavokao ianao. Marina izany. Nandao anao izany ankehitriny, mandehana mody ary aoka ho salama! Jesosy no nanao avokavoka tsara iray ho anao, hitanao.

Manàna finoana, ary minoa. Andriamanitra no Andriamanitra.

⁷⁶ Manao ahoana ianao, tompoko? Mino an'i Jesosy Kristy Tompo ve ianao? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Amena."—Mpand.]

⁷⁷ Ankehitriny, nisy lehilahy iray nanatona an'i Jesosy indray mandeha, ary lasa izy ka voavonjy, ary nandeha ka niteny

tamin'ny sakaiza hafa iray, ary nitondra azy. Ary ity sakaiza ity... Niteny taminy fa mpino iray izy. Ary talanjona izy tamin'ny fandrenesana azy, ka hoy izy hoe, "Oviana no mba Nahafantaranao ahy?"

⁷⁸ Hoy Izy hoe, "Talohan'ny niantsoan'i Filipino anao, rehefa teo ambanin'ny hazo ianao, dia efa nahita anao Aho." Izany dia tany amin'ny telopolo mailly nanodidina an'ilay tendrombohitra tany. Amin'ny dia an-tongotra, dia nila iray andro izany ho azy mba hiverenana eo amin'ilay laharam-bavaka, ary rehefa tonga tao amin'ilay laharam-bavaka izy.

⁷⁹ Mino ve ianao fa afaka miteny amiko Jesosy hoe inona ny aretinao? Hino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Hino amin'ny fony rehetra ve ny mpanatrika? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tsy ho an'ny tenany no maha-eto azy. Izany dia ho an'ny olon-kafa; ary vehivavy iray izany, ary voalokin'ny fahafatesana izy, anabavinao izany. ["Eny, marina izany."] Izany dia tsy tena... Izany dia anabavinao tsy iray tam-po. ["Marina izany."] Ary tsy eto izy. Any amin'ny hopitaly any Tennessee izy. Avy any koa ianao. ["Marina izany."] Ary ianao dia... Nahazo fandidiana iray ilay vehivavy, saingy tsy nahavita soa izany. Ary mitsangana eo amin'ny toerany ianao. Hanaiky ny fangatahanao anie Andriamanitra. Mandehana, ary enga anie Andriamanitra hanasitrana an'io vehivavy io sy hanao azy ho salama, eo amin'ny fototry ny finoan'ity lehilahy ity.

⁸⁰ Tompo Andriamanitra, manameloka an'io devoly izay maka ny ain'io vehivavy io izahay. Ka enga anie io olona io, izay mpihavana aminy, ho velona satria tonga izy ary nitsangana teo amin'ny toerany. Jesosy, nitsangana teo amin'ny toeranay Ianao tany Kalvary, ary nanasitrana anay Ianao. Ary mino Anao izahay. Enga anie ho tanteraka izany. Amena.

Mandehana, mino ankehitriny, rahalahy. Aza mieritreritra na inona na inona hafa.

⁸¹ Manao ahoana ianao? Samy vahiny isika. Iza no fotoana ihaonantsika voalohany. (Ankehitriny aoka hanaja fotsiny, ary henoy tsara dia mivavaha.) Raha tsy mifankahafantatra isika, ary samy vahiny, angamba ny fotoana voalohany izay hany nihaonantsika. [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Marina ve izany? Raha izao no fotoana voalohany hany nihaonantsika, dia atsangano ny tananao. Raha hanambara amiko Andriamanitra hoe inona ny aretinao, amin'izay fotoana izay dia hino ahy ho Mpanompony ve ianao? ["Eny, mino aho fa izany ianao. Ianao dia mpanompon'i Kristy iray."] Ho teneniko aminao ankehitriny. Tsy mbola nihaona mihitsy isika tany aloha, saingy Kentuckiana iray ianao. Marina izany. Avy any amin'ny toerana iray ianao antsoina hoe Somerset, Kentucky. ["Eny."] Marina tokoa izany. Avy any Burkesville aho, Kentucky. Ary ianao dia mijaly amin'ny aretina iray izay ao amin'ny—ny

tsinain'ny kibo, ilay ampahany ambany. ["Eny!"] Fivontosana izany. Marina izany. Eny àry, Jewel ["Oh!"], miverena ianao, nanaiky ny fanasitrananao ho anao Andriamanitra. ["Oh!"]

⁸² Mino ny Zanak'Andriamanitra ve ianao, ilay Jesosy nitsangana? [Ilay anabavy vao avy sitrana tamin'ny fivontosana, dia mihiakiaka indray hoe, "Oh!"—Mpand.] Raha mety mandray ianao! Mety manontany ianao hoe nahoana no mifaly ilay ramatoa. Ianao dia hety, ihany koa, ["Oh!"] raha efa tao anatin'ny toerana iray teo am-pahafatesana aza ianao. ["Deraina Ny Anarany!"]

⁸³ Tsy mahafantatra anao aho. Fa izaho tsy. . . Raha tsy diso aho, mino aho fa natao batisa ianao aninkeo maraina, satria hitako fa nanao zavatra tsara ianao. Saingy, ny mahafantatra anao, tsy mahafantatra anao aho. Niditra tao amin'ilay dobo fotsiny ianao, ary izany dia. . . izy dia—natao batisa izy. Fa mino ve ianao fa afaka manambara amiko an'ireo aretinao Jesosy? Mino an'izany amin'ny fony rehetra ve ny mpanatrika? Mahita vehivavy iray miseho eo anelanelako sy ianao aho. Mitsangana eo ianao ho an'ny vehivavy iray, ary io vehivavy io dia antitra kokoa noho ianao. Nahoana, ny reninao izany. Tsy eto izy. Avy any Georgia izy. Ary tena mikorontan-tsaina izy. Izany dia, dia ilay fiovan'ny fiainana, fitsaha-jaza. Ary mitsangana ho an'ny reninao ianao. Marina izany. Eny, handresy an'izany izy, ary ho salama. Mandehana, mino ankehitriny, hifarana izany rehetra izany. Teneno izy mba hanana faherezana tsara.

⁸⁴ Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy tanora. Manàna finoana. Minoa amin'ny fonao rehetra. Raha mety mino ianao! Mivavaha.

⁸⁵ Ataoko fa vahiny izaho sy ianao. Andriamanitra dia mahafantatra anao ary mahafantatra ahy Izy. Fa afaka manambara amiko ny aretinao ve Andriamanitra? Raha afaka Izy, dia hino Azy ve ianao?

⁸⁶ Firy ny olona hino ato, ka hanao hoe, "Andriamanitra, hino aho raha hiteny amin'io lehilahy io Ianao"? [Hoy ny fiangonana hoe, "Eny. Amena."—Mpand.]

⁸⁷ Vetivety fotsiny. Ilay ramatoa izay mipetraka aorian'ireto zazavavy ireto eto mihitsy, mijery ahy, mijaly amin'ny varisin'ny làlan-drà izy. Ary mipetraka eo izy, mivavaka ho an'ny olon-kafa. Ary nikasika an'ilay Mpisoronabe ny fanahiny, ary mifandray amin'Andriamanitra izy. Mivavaka ho an'ny sakaizanao iray ianao, izay tratry ny aretin-tsaina. Ary izy ireo dia mipetraka ao amin'ny—ny tanàna iray, tanàna kely iray, izany dia Corydon, Indiana. Marina izany. Raha mety mino ianao, dia afaka hahazo an'izay nangatahanao. Amena.

⁸⁸ Tratry ny aretim-po ianao; akaikin'ny faran'ny làlana. Mamelà ahy hiteny aminao ny anankiray amin'ireo olanao, na izany aza, mifoka sigara. Andraso iray minitra, nitroatra ilay

fanahy noho izany. Tsy tiany ny manao an'izany. Izany no miteraka ny aretinao. Indro, ilay izy dia *ity* lehilahy tanora mipetraka eto ity mihitsy, izy dia te-hiala amin'ny sigara, ihany koa. Raha hino amin'ny fony rehetra izy, dia hiala ny fahazarana amin'ny sigara. Raha mety mino ianao! Mino an'izany ve ianao? Raha hino an'izany ianao ka hihetsika eo amin'izany, dia afaka hahazo ny fanafahanao ianao; toy izany koa *ianao*. Tsy avy eto ianao. Ianao dia avy lavitra avy eto, ihany koa. Mandehana miverina any Owensboro ankehitriny, midera ny Tompo. Manàna finoana an'Andriamanitra.

⁸⁹ Fantatro ianao, saingy tsy fantatro izay tsy mety aminao. Raha hanambara amiko ny Tompo hoe inona ny aretinao, dia hino Azy ve ianao? Noho izany dia ho mety tsara ny vavoninao. Eny àry. Mandehana mody ary mifalia, minoa amin'ny fonao rehetra.

⁹⁰ Tsy mino aho fa mahafantatra anao. Samy vahiny ve isika? [Hoy ilay anabavy hoe, “Eny.”—Mpand.] Mino ve ianao? Fa izay ho—ho teneniko aminao, ny fahamarinana, dia ianao no mahafantatra na fahamarinana ilay izy na tsia. [“Eny.”] Eny àry, hiala aminao ny aretim-ponao. [“Izay ilay izy. Misaoatra anao.”] Mandehana mody ary aoka ho salama.

⁹¹ Tsy mahafantatra anao aho. [Hoy ilay anabavy hoe, “Tsia.”—Mpand.] Fa Andriamanitra dia mahafantatra anao. Mino ve ianao fa raha hiteny aminao aho hoe inona ny aretinao, ary aiza ilay izy, dia ho salama ianao? Ao amin'ny lamosinao. Mandehana mody ankehitriny, hiala aminao izany ary ho salama ianao.

⁹² Mihevitra ve ianao fa afaka manasitrana an'io fivontosana io Andriamanitra ka hanao an'izany ho salama, tsy misy fandidiana iray? Mihevitra ve ianao? Atsangano ny tãnanao raha mino an'izany ianao. Mandehana mody ary raiso izany, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Minoa.

⁹³ Hafahafa, rehefa nilaza an'izany aho, dia tratan'ilay zavatra iray ihany ianao. [Hoy ilay anabavy hoe, “Eny, tratra aho.”—Mpand.] Fivontosana. Nahatsapa fihetseham-po hafahafa ianao rehefa nilaza an'izany aho, satria nitroatra ireo fanahy roa, tamin'ny fotoana iray ihany. Mandehana, Jesosy Kristy no hanao anao ho salama. Minoa.

⁹⁴ Lehilahy tanora iray ianao, manana aretin-kozatra, saingy mino ve ianao fa Jesosy no hanao anao ho salama? Raha mino ianao, dia mandehana, mino, ary aoka ho salama tanteraka.

⁹⁵ Firy no mino amin'ny fonareo rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.]

⁹⁶ Ahoana moa raha tsy nilaza teny iray taminao aho, fa niteny taminao hoe nanasitrana anao Andriamanitra rehefa nandalo teo amin'ny zoron-trano teo ianao ka nanana an'io fihetseham-

po hafahafa io, dia hino ahy ve ianao? Mandehana mody, salama ianao. Jesosy Kristy no manao anao ho salama.

⁹⁷ Ramatoa tanora iray ianao izay mijaly amin'ny fikorontanan-tsaina. Mino ve ianao fa hanasitrana an'io fikorontanan-tsaina io Andriamanitra ka hanaisotra an'izany aminao? Efa niezaka hahita toerana iray hanombohana ianao. Ity eto ity mihitsy izany. Mandehana ankehitriny, mifaly, sambatra. Tapitra ilay izy, ho anao. Minoa amin'ny fonao rehetra.

⁹⁸ Tratry ny aretina mikorontan-tsaina ianao izay niteraka aretim-bavony iray. [Hoy ilay rahalahy hoe, “Marina izany.”—Mpand.] Efa sitrana ianao rehefa nitsangana tery aoriana tery, tompoko. Izany no antony niandrasako anao handalo. Mandehana, hano ny sakafo harivanao, aoka ho salama.

⁹⁹ Aretin-dramatoa iray, mikorontan-tsaina, sorena. Marina izany. Hiala aminao izany ankehitriny. Mandehana mody ary aoka ho salama, amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Manàna finoana fotsiny.

¹⁰⁰ Tratry ny olan'ny vehivavy ianao, marina izany, miteraka tsiranoka. Fijanonan'ny atodim-pananahana izany. Minoa, Jesosy Kristy no hanao anao ho salama. Mandehana mody, ary minoa amin'ny fonao rehetra.

¹⁰¹ Ankehitriny, tratry ny aretina sarotra ianao, ao amin'ny fonao izany, tsentsina. Mino ve ianao fa manao anao ho salama Jesosy Kristy? [Hoy ilay anabavy hoe, “Eny.”—Mpand.] Raha mino an'izany ianao, dia mandehana amin'ny Anaran'ny Tompo, ary aoka ho salama. Manàna finoana an'Andriamanitra.

¹⁰² Eny àry, rahalahy, mino ve ianao fa Jesosy Kristy dia manao anao ho salama, ihany koa? Mialà fotsiny amin'ilay laharana, midera ny Tompo.

¹⁰³ Firiy eto ankehitriny no mino ny Tompo Jesosy? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] Fantany ny tsirairay . . .

¹⁰⁴ Rtoa. Nash, fantatro ianao, saingy tsy misy azoko atao amin'io Hazavana mihantona eo amboninao io. Fantatro ianao, saingy mivavaka ho an'ny olon-kafa ianao. Izany dia ankizy kely iray, zaza kely, izay tsy mipetraka eto. Mipetraka any Tennessee any izy. Izao koa, mivavaka ho an'ny dokotera sakaizanao ianao izay tratry ny aretim-po. [Hoy ilay anabavy hoe, “O Andriamanitra!”—Mpand.] Ary ny vadiny dia vao tratry ny famelezana kely. [“O Andriamanitra!”] Marina izany. Minoa, dia afaka ny ho salama ianao.

¹⁰⁵ Ramatoa kely iray mipetraka etsy amin'ny faran'ny seza etsy, miaraka amin'ny rantsan-tànany eo amin'ny vavany, inona no eritreretinao, ramatoa tanora? Tratry ny fahavoazana mikorontana ianao. Matahotra ny hahazo iray hafa ianao.

Marina izany. Raha marina izany, dia atsangano ny tãnanao, raha mamafa ny ranomasonao eo amin'ny masonao ianao. Aza matahotra, dia tsy hahazo an'izany ianao.

¹⁰⁶ Ilay ramatoa mipetraka eo akaikinao eo, tratry ny sohika ianao, aretin-tratra. Mijanona tsy mifoka, dia hiala aminao izany.

¹⁰⁷ Manana finoana an'Andriamanitra. Minoa amin'ny fonao rehetra. Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra!

¹⁰⁸ Indro ny ramatoa iray aorian'ity ramatoa eto ity. Azoko antoka fa ianao . . . Ilay ramatoa, vetivety fotsiny, ny anarany dia Rtoa. Evans. Avy any Kentucky izy, Louisville. Marina izany. Tsy mahafantatra anao aho. Fantatrao fa marina izany. Tratry ny aretim-po ianao, tratry ny aretina eo amin'ny masonao. Marina izany. Raha marina izany, dia atsangano ny tãnanao. Mandehana miverina any Louisvill, Jesosy Kristy no manao anao ho salama.

¹⁰⁹ Mihaika ny finoanareo aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mba hino an'izany. Ny olona rehetra ato, minoa amin'ny fonareo rehetra! Iry amin'ny farany aoriana, mitsangana eny amin'ny farany aoriana, minoa. Tsy voatery ho eo amin'ny toerana anankiray mihitsy ianareo. Eto amin'ity ilany ity, minoa! Firy ery aoriana ery no mila fanasitranana? Atsangano ny tãnanareo, ka manaova hoe, "Mino aho, Tompo." Manana finoana!

¹¹⁰ Mipetraka etsy aoriana etsy mihitsy ao amin'ity faritra eto ity, mahita lehilahy iray izay mivavaka am-pahatsoram-po aho, ao amin'ny fahitana, mitsangana eo, mpitory teny iray izy, mitsangana eo akaikin'ny polipitra iray, ary mitory teny ho an'ny fitomboana iray izy . . . mivavaka ho an'ny fitomboana iray ao amin'ny asam-panompoany. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho tany aloha teo amin'ny fiainako. Fa izany no ivavahanao, rahalahy. Ho azonao izany ankehitriny. Minoa ny Tompo Jesosy!

¹¹¹ Misy lehilahy iray mipetraka aoriany eo, izay misy zavatra tsy mety amin'ny sandriny, vona eo amin'ny sandriny. Izy koa dia . . . Raha hino an'izany ianao, tompoko, dia afaka hahazo ny fahasitrananao ianao. Amena.

¹¹² Eto amin'ity faran'ny laharana eto ity mihitsy, ilay olona faharoa, ramatoa kely iray miaraka amin'ny lohany miondrika, iray aoriana indrindra iry, mipetraka eo mivavaka, tratry ny aretin'ny afero. Izay ilay izy, ramatoa, atsangano ny tãnanao, ary fantatro fa ianao—iana no ilay anankiray izay nivavaka. Nahazo ny fahasitrananao mihitsy ianao tamin'izay fotoana izay.

¹¹³ Ahoana ny amin'izany, mino ve ianareo fa nitsangana tamin'ny maty Jesosy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eto ve Izy ankehitriny? ["Eny!"] Mino Azy ve ianareo? ["Amena."] Noho izany raha hino ahy ianareo, raha niteny taminareo ny Fahamarinan'ny Baiboly aho, ka nitodika Andriamanitra ary nanamarina fa niteny ny Fahamarinana

taminareo aho, izany dia midika fa, tanteraka tokoa fa, eto ny Tompo Jesosy. Marina ve izany? [“Amena.”]

¹¹⁴ Noho izany dia ataovy ity, ataovy ity, aza misalasalala, apetraho eo amin'ny olona iray izay mipetraka eo akaikinareo ny tãnanareo. Hivavaka avy eto aho, dia ho sitrana ilay vondronareo manontolo izao ankehitriny izao raha hino an'izany ianareo. Hino ve ianareo? Apetraho eo amin'ny iray hafa ny tãnanareo, raha izany. Izay rehetra mino fa ho sitrana ianareo ankehitriny, dia manaova hoe, “Amena.” [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena!”—Mpand.] Ankehitriny ianareo. . . Hilaza an'ity vavaka ity aho. Avereno ilay izy, avereno manaraka ahy ilay izy.

¹¹⁵ [Mamerina an'ity vavaka ity ny fiangonana, manaraka an-dRahalahy Branham—Mpand.] O Tompo, Mpamorona ny lanitra sy ny tany, Mpanao ny Fiainana mandrakizay, Mpanome ny fanomezana tsara rehetra, manana ilaina aho, Tompo, avy amin'ny Herinao manasitrana. Ka mivavaka aho mba Hanomezanao ahy finoana hanekeko an'izany. Izany no Fampanantenanao. Mino aho fa Ianao no ilay Jesosy tsy miova izay nandeha teny amin'ireo moron'i Galilia, nijaly teo ambanin'i Pontio Pilato, maty, nitsangana, niakatra any amin'ny Avo, nanome fanomezana ho an'ny olona, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina. Mino aho fa eto ny Fanahy Masina manohy an'ilay asa iray ihany izay Nataonao fony Ianao teto. Fihiniko izany teny fikasana izany. Manaiky ny fahasitranao aho. Manome toky aho ny hiaina ho Anao sy hankatò an'Ireo Didinao, handeha ao amin'ny Hazavana. Ary mino aho ankehitriny, satria efa nanao an'izao fiaikena izao aho, hoe sitrana aho tamin'ireo Dian-kapokao.

¹¹⁶ Mipetraha tena moramora. Ankehitriny dia eritrereto fotsiny, izany no fiaikenareo, miditra ao anatinareo Andriamanitra izao ankehitriny izao. Iaino ny Fanahy Masina, amin'ny finoana hoe, “Mino aho fa efa sitrana ireo aretiko. Mino aho fa niala ny aretiko rehetra.” Ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ianareo izao ankehitriny izao. Tsy afaka mahatsapa an'izany Fanahy izany ve ianareo? Sokafy ny fonareo, ny—ny finoanareo. Eo am-panasitranana ny olona ny Fanahy Masina izao ankehitriny izao; zazavavy kely iray mipetraka eto mihitsy, iray hafa eto ankavanako. Toy ny hoe mazava miaraka amin'ny Herin'i Kristy nitsangana ilay lampihazo manontolo. Eo ambonin'ny mpanatrika Izy. Ao amin'ny olona Izy. Ankehitriny, izany no vavakareo.

¹¹⁷ Hivavaka aho ankehitriny ka hangataka ny devolin'ny fisalasalana hiala aminareo.

¹¹⁸ O Tompo Andriamanitra, Mpamorona ny Lanitra sy ny tany, henoy ny fivavako, Tompo; haingana mihitsy, raha mbola eto ny Fanahy Masina, alohan'ny hahalevona ny olona.

¹¹⁹ Manameloka ny devoly aho. Nesorin'i Jesosy Kristy taminao ny fandresena, Izy no nahazo an'izany teo Kalvary; nandresy ny fahafatesana Izy, ny devoly, ny helo, ary ny fasana, ka nitsangana indray tamin'ny andro fahatelo, ary velona mandrakizay. Mivoaha avy eto, Satana, olona resy iray ianao. Mialà amin'ny olona, ka avelao izy ireo ho sitrana, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo.

¹²⁰ Izay rehetra manaiky ny fahasitrananareo, dia mitsangàna izao ankehitriny izao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mitsangàna! Amena. Atsangano Aminy ny tãnanareo, ka derao Izy. Ny olona tokana izay hitako fa tsy mitsangana, dia misy lehilahy iray mipetraka eto ao amin'ny seza misy kodiarana, Gane Heelie. Fantatro hoe inona ny aretiny, tratry ny aretin'ny lefak'ozatra izy.

¹²¹ Toy ny hoe misy seza misy kodiarana iray *eto* aoriana eto. Ndao jerentsika. Misy aretina iray, ramatoa iray miaraka amin'ny tongotra anankiray. Marina ve izany? Mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao? Vahiny aminao aho. Tsy afaka manasitrana anao aho. Fa mino ve ianao fa afaka miteny amiko Andriamanitra hoe inona ny aretinao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Raha ho izany, dia hanampy anao ve izany? Diabetika iray ianao. Marina izany. Minoa an'izany ankehitriny, ka mandehana mody ary aoka ho salama, ao amin'ny seza misy kodiarana. Izay ihany no tokony hataonao, dia ny mino an'i Jesosy Kristy Tompo, ary ho sitrana!


¹²² Atsangano ny tãnanareo ankehitriny, ka—ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy. Misaotra Anao, Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy. Midera Anao aho, Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy. Tsara Andriamanitra! Lehibe Andriamanitra! Sarobidy Andriamanitra! Tena misy Andriamanitra! Eto Andriamanitra! Eto ny Fanahy Masina. Eto ny Herin'Andriamanitra. Ary mino amin'izay rehetra ato amiko aho ankehitriny, fa Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra, no manao ahy ho salama. Amena."

¹²³ Raha misy anankiray eto izay voaheloky ny fahotana, ka mahafantatra fa tsy eo ambanin'ny Rà ny fahotanareo, ary eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izao ankehitriny izao, Izay mahafantatra ny eritreritrareo, ary ny Fanahy Masina no miteny amiko an'izao, dia hanaiky Azy ho Mpamonjinareo manokana ve ianareo, te-ho tsarovana amin'ny vavaka? Atsangano ny tãnanareo, ny rehetra izay ato. Andriamanitra hitahy anao, sy ianao, sy ianao, sy ianao, ary ianao. Marina izany. Ery aoriana ery, ianao, ary ny eto. Azo antoka. Eto aoriana eto, Andriamanitra hitahy anao, anaka. Andriamanitra hitahy anao etsy. Ary Andriamanitra hitahy anao. Marina izany.

¹²⁴ Hitanareo, tsy diso mihitsy ny Fanahy Masina. Rehefa milaza ny Fanahy Masina...Efa vonona ny hamerina ny fotoana ho

an-dRahalahy Neville aho, satria tapitra ny fanasitranana, saingy nisy Zavatra nanao hoe, “Mila fanasitranana ny fanahy izy ireo.” Raha te-handray an'i Jesosy ho Mpamonjinareo manokana ianareo, dia aondreho vetivety ny lohanareo. Ndao isika hanolotra vavaka.

¹²⁵ Rahalahy Neville, tena farim-peo aho, ianao no manolotra an'izany vavaka izany, sitrakao ve. Eny àry.

¹²⁶ [Mivavaka Rahalahy Neville hoe, “Rainay any An-danitra, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo, Izay nandeha tena tamim-boninahitra teto anivonay izao hariva izao. Raha manondrika ny lohany izy ireto, ao amin'ny finoana izao hariva izao, mino fa afaka hanafaka azy ireo Ianao, ny fanahy sy ny vatana. Vonjeo ireo izay mino amin'ny finoana mibebaka ankehitriny. Andriamanitra malala, enga anie ity ho hariva hafa iray ho azy ireo. Omeo azy ireo ankehitriny ny faniriana, O Andriamanitra. Ary omeo azy ireo ankehitriny, O Tompo Jesosy, izay maniry betsaka ny fahalalana ny fahotana voavela. Vonjeo ny tsirairay avy, O Andriamanitra, izay nanondrika ny lohany teo, izay nangataka faniriana iray ao amin'ny vavaka. Ary enga anie izy ireo, manomboka amin'ity fotoana ity, enga anie izy ireo hikasa ao am-pony mba hiaina ho Azy Izay maty ho azy ireo. Amin'ny Anaran'i Jesosy sy nohon'ny amin'i Jesosy no ivavahanay. Amena, dia amena. Deraina ny Tompo!”—Mpand.] 

NY FAMANTARAN'NY MESIA MAG59-0329E

(The Sign Of The Messiah)

ANDIAN'NY HAFATRY NY PASKA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alahady harivan'ny Paska, 29 Marsa, 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org